


Nanantona izy. Maty ilay reny.Tena dona nahatsiravina taminy ilay izy. Moa ve tsy ny alahelo no namono ny reniny? Moa ve tsy tompon' andraikitra tamin' ny nahafatesany izy, zanaka tsy mendrika? Ny tsy azo onerana dia teo anoloany.



Niteny taminy Andriamanitra. Nahita ny ohatra izy, nandre ny torohevitry ny reny izay feno finoana velona, ary handeha hamaly izany.Tamin' io alina io dia nitodika tamin' Andriamanitra i Petera.Niaiky ny fahotany izy ary nanaiky an' i Jesosy ho Mpamonjiny.



Nandritry ny taona maro, niraiki-po tamin' ny Tompony, ary kristianina nazoto nanambara ny famonjena lehibe izay omen' Andriamanitra an' izay mino izy. Izay neken' ny tenany ihany tao anatin' ny teo-javatra tena nahatsira-vina.

## Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!




# 365Histoires.com

Jean-Louis Gaillard



Na dia teo aza ny fitalahoan-dreniny dia nivoaka i Petera tamin' io alina io mba hiaraka amin'ny namany. Nihevitra izy hoe : "Tokony manary dia kely. Ny ray aman-dreny dia taranaka hafa.Tsy ho roa-polo taona foana akory isika.




Raha nandika ny varavarana izy dia hoy ny reniny taminy : « Petera â, fantatrao fa hivavaka ho anao aho mandra-piverinao.»



Tamin' io alina io, toa ohatran' ny tsy nisy haminy taminy ny hafinaretana.Tsy tao ny atmosfera. Nanapa-kevitra ny hody any an-trano izy.



Mbola nirehitra ny jiro tao amin' ny efitranon' ny reniny. Gaga izy ary niditra tao amin'ilay efitrano.



Nandohalika teo an-tongom-pandriany ilay reny, ny loha nitehika tamin' ny bodofotsy.